



# Ny andraikitry ny Mpiantsehatra Sosialy manoloana ny Coronavirus/COVID 19 sy ny fiarovana ny ankizy

Takela mirakitra ireo toromarika hoan'ny mpiantsehatra sosialy amin'ny fisorohana sy ny fandraisana ary ny torolalana amin'ny fiadiana ny valanaretina Coronavirus.

## Lohahevitra

Ny tokony ho fantatra momba ny Covid-19 .......... 1

Fiantraikan'ny valanaretina Covid-19 eo amin'ny fiarahamonina .......... 2

Ireo herisetra mety hiatra amin'ny ankizy mandritra ny fisian'ny COVID 19 .......... 2

Ireo fihetsehampo samihafa mety aterak'ireo eo amin'ny ankizy sy ny fianakaviany ... 3

Ny andraikitry ny Mpiantsehatra sosialy .......... 4

Ireo fomba sy teknika afaka atao manoloana ireo zaza voatery misara-toerana amin'ny Ray aman-dreny noho ny aretina (ray aman-dreny na mpitaiza no marary) .......... 5

Ireo fomba sy teknika afaka atao manoloana ireo zaza voatery misara-toerana amin'ny Ray aman-dreny noho ny aretina (zaza no marary) .......... 6


Ireo fomba sy teknika afaka atao manoloana ireo zaza raisina amin'ny toeram-pihibohana faobe .......... 7

Ny anjara asan'ny IS eny anivon'ny sehatra fikaonan-doha sy hanapahankevitra (Comité operationnel) .......... 8

Ireo fomba, fihetsika sy toetra tokony tandremana .......... 10

Ireo laharan-tariby (numéro de téléphone) azo antsoina ao amin'ny faritra misy anao .......... 12

# Ny tokony ho fantatra momba ny Covid-19



## Fiantraikan'ny valanaretina Covid-19 eo amin'ny fiarahamonina sy ny fiarovana ankizy

Ny fiparitahan'ny valanaretina Covid-19 eo amin'ny fiarahamonina dia mety mitarika:

- ↗ Fikatonan'ny sekoly/akany
- ↗ Fanokana-monina, tsy fahafahana mivezivezy (fihibohana)
- ↗ Fihenan'ny vola miditra amin'ny fianakaviana izay miteraka fahasorenana eo amin'ireo ray aman-dreny
- ↗ Tsy ampy ny fanaraha-maso ireo ankizy ka mety hitera-doza ho azy ireo izany
- ↗ Fisarahanan'ny ankizy amin'ny ray aman-dreny niteraka na ny olon-dehibe miantoka azy
- ↗ Fihenan'ny fahafaha-miasa eo amin'ireo sampan-draharaha misahana ny fiarovana ny ankizy
- ↗ Fahasarotana manao fitorohana na fampandrenesana ireo tranga na herisetra atao amin'ny ankizy
- ↗ Fanilikilihana ireo olona/ankizy ahiana na mitondra ny aretina COVID 19
- ↗ Faharefoana bebe kokoa ho an'ireo ankizy miaina sy mivelona an-dalam-be
- ↗ Faharefoana bebe kokoa ho an'ireo ankizy manana olana ara-pitsarana

## Ireo herisetra mety ~~hiatra~~ mihatra amin'ny ankizy mandritra ny fisian'ny aretina COVID 19

- Herisetra ara-batana sy ara-pihetsehampo, fikorontanana ara-tsaina
- Herisetra mifototra @ mahalahy na ny mahavavy
- Herisetra sy fanararaotana ara-nofo atao amin'ny ankizy (anisan'izany ny fifoterana, fangatahana firaisana aranofo ho takalon'ny fanampiana, fampanambadiana ankizy)
- Fampiasana ny ankizy
- Fisarahana @ fianakaviana
- Fanilikilihan'ny mpiara-monina

## Ireo fihetsehampo samihafa mety aterak'ireo eo amin'ny ankizy sy ny fianakaviany

- **Tahotra sy horohoro (peur et angoisse)** (noho io aretina io manenika izao tontolo izao ary tonga tampoka (fahavalo tsy hita maso hoy ny maro), noho ny hamaroan'ny olona tra-pahafatesana hita amin'ny filazam-baovao, noho ny serasera amin'ny fahitalavitra, facebook, radio, …, noho ny fahafantarana fa atoka-monina ny olona voan'io aretina io, …)
- **Tsy fananana fahatokisana (mefiance)** amin'ny sampan-draharaha misy (betsaka ny fepetra entitra raisin'ny fitondram-panjakana rehefa ao anaty fahamehana ara-pahasalamana ary indraindray tsy ampy ny fanomanan-tsaina mialoha)
- **Tsy fahazoana ny zavatra mitranga (incomprehension/confusion)** (Maro ny tsaho miely, mivoatra haingana ny fampahalalam-baovao, haingana loatra ny fampiharana ny fepetra fanokana-monina ireo marary ka kely ny fotoana enti-manazava ny fandraisana an-tanana atao amin'ny marary, …)
- **Mihamafy ny fahatsiarovan-tena ho marefo (sentiment de fragilité)** (tsy fahafahana manomana ny filana fototra mialohan'ny fihibohana, fahatapahan'ny asa fampidiram-bola isan'andro, tsy fananana trano ialofan'ny fianakaviana, …)
- **Tsy fahafaha-manoatra (impuissance)** (tsy fantatra mialoha ny fotoana mety handresena ny aretina ka hiverenan'ny fiainana amin'ny mahazatra)
- **Fahasorenana (irritabilité, colère)** noho ny fihibohana tsy niriana (fiovan'ny fandaharam-potoana, tsy fahavitana ny asa tokony nefaina, fihenan'ny vola miditra, …)
- **Tsy faharetana (impatience)** manoloana ny fifangaroana maharitra (andro sy alina) ao an-tokantrano
- **Fanamelohan-tena** (**culpabilite**) (fanomezan-tsiny ny tena vokatry ny tsy fanarahana ireo toromarika fiarovan-tena, tsy nafahana niaro ny zanaka, tsy nafahana niaro ny ray amandreny, …)

Ireo fihetsehampo samihafa ireo dia mety ho santionany ihany ary indraindray mety miara-miseho amin'ny  ankizy iray sy ireo fianakaviany ….

Matetika dia fihetsehampo miiba (négatif) no ateraky ny trangan'aretina tampoka toy ny Covid-19. Ireo fahatsapana samihafa ireo dia mety hampihena ny faharetana sy hiteraka fahasorenana ka mety hampitombo ny trangana herisetra eo amin'ny mpiara-belona ary anisan'izany ny herisetra atao amin'ny ankizy.

**MANOHY MANDRAY AN-TANANA SY MANOHANA ARA-TSAINA IREO ANKIZY IHARAN'NY HERISETRA NA MISY NA TSY MISY IFANDRAISANA AMIN'NY COVID 19 IZANY**

Miara miasa @ sampandraharaha hafa (fahasalamana, sosialy, fitsarana) amin'ny fandraisana an-tànana amin'ny lafiny rehetra "integrée" ireo ankizy voan'ny aretina COVID 19 ka tafasaraka amin'ny RAD/fianakaviany, ireo ankizy iharan'ny herisetra/fanararaotana : manoro làlana, fametrahana azy ireo @ toerana azo antoka (placement), fitadiavana sy famerenana azy ireo eo anivon'ny fianakaviny, fanaraha-maso ireo ankizy noraisina an-tànana

Fandraisana anjara amin'ny fampahafantarana/fanentanana ny fiarahamonina mahakasika ny aretina COVID 19 ary ny mety ho fiantraikany eo amin'ny fiarovana ny ankizy, ary indrindra mitarika azy ireo ho resy lahatra ka hanaraka ny toromarika rehetra ho fiarovana ny tenany ary koa ny hafa.

Mijery manokana ary mitatitra ireo mety ho faharefoana mifototra amin'ny maha-lahy na maha-vavy (genre) indrindra fa ireo vehivavy sy ny ankizivavy manoloana ireo mety ho herisetra (ara-nofo indrindra indrindra) mianjady amin'izy ireo mandritra ny fisian'ny COVID-

Famantarana/fanarahamaso ireo ankizy mety voan'ny COVID 19 ka iharan'ny fanilikilihana,ny herisetra/fanararaotana na tafasaraka amin'ny fianakaviany

Tohana ara-tsaina (fandraisana, fihainoana) ireo ankizy mety voan'ny COVID 19 ka iharan'ny fanilikilihana, ny herisetra/fanararaotana na tafasaraka amin'ny fianakaviany



Fiaraha-miasa amin'ny sampandraharahan'ny fahasalamana (services de santé) amin'ny famantarana (identification) ary fanomezana fiarovana ireo ankizy tafasaraka amin'ny RAD na mpiantoka azy izay mitsabo tena any amin'ny hopitaly na koa sanatria maty noho ny nCoV-19 ireo RAD/mpiantoka.

## Ireo fomba sy teknika afaka atao manoloana ireo zaza voatery misara-toerana amin'ny Ray aman-dreny noho ny aretina (ray aman-dreny na mpitaiza no marary)

| **Anjara asan'ny Mpiantsehatra sosialy** | **Ny toetra amam-pihetsika fototra** |
|---|---|
| - Manazava amin'ilay zaza sy ny fianakaviany fa aretina azo sitranina ny Covid19<br>- Manampy ilay zaza hilaza izay fihetsehampony manoloana ny fisarahana amin'ny Ray aman-dreniny ary manohana azy ara-tsaina<br>- Mitady sy mangataka fiaraha-miasa amin'ireo havana/ sampandraharana/ Centre izay handray ny zaza mandritry ny fisarahan-toerana<br>- Manohana amin'ny fanomanana sy fampiharana ireo fepetra entina miaro ny zaza misara-toerana amin'ny ray amandreniny<br>- Manazava aminy ny anton'ireo fepetra raisina mba ho fiarovana azy mandritry ny fotoana hisarahan-toerana amin'ny fianakaviany<br>- Mihaino sy mandray ny hevitr'ilay zaza amin'izay fanapahan-kevitra raisina momba azy<br>- Manazava amin'ilay zaza sy ny fianakaviany ny fizotry ny fitsaboana (nahoana no tsy azo vangiana? Nahoana no atoka-monina? Firy andro no mitoka-monina? Manahoana ny fikarakarana azo mandritry ny fotoana itsaboana: sakafo, akanjo, fanafody, aiza ny toerana ametrahana ny marary sns…)<br>- Mandrisika ireo fianakaviana hanaja ireo toromarika tsy iparitahan'ny aretina<br>- Mampahatsiahy ny tokony hitandremana na dia efa vita aza ny fitsaboana ka hanohizana ny fanajana ny toromarika rehetra | - Mahatazona ny tsiambaratelon'ny asa<br>- Tsy mitsaratsara/ tsy manameloka (Ne pas juger)<br>- Mihaino sy miezaka mahazo ny fihetsehampo iainan'ilay zaza sy ny fianakaviany<br>- Mahafantatra ary miara-miasa amin'ireo mpisehatra amin'ny sehatra samihafa (mpiasan'ny fahasalamana, tompon'andraikitry ny Centres, mpitsara miandraikitra ny zaza tsy ampy taona…) mba ahazoana ireo tsara ho fantatra ka afahana manazava izany amin'ny zaza sy ny fianakaviany amin'ny fomba feno faharetana sy fanajana ny dingana holalovana<br>- Mamaly am-pitoniana ny fanontanian'ireo olona tohanana/ manaja<br>- Tsy taitaitra na baikon'ny fihetsehampo<br>- Tsy manao fampanantenana diso na tsy azo tanterahana |
| ***Fomba entina manatanteraka :*** *Visite à domicile/ au Centre, entretiens, orientation, accompagnement dans les démarches de placement provisoire, constitution d'un dossier de suivi, établissement d'un lien avec le personnel médical en charge*<br>*Fitsirihana ireo ankizy voatery misara-toerana amin'ireo ray aman-dreniny na mpitaiza azy amin'ny alalan'ny fitsidihana any an-tokatrano na ivon-toerana mpandray ireo ankizy (Centre)*<br>*Fifampiresahana mivantana amin'ireo ankizy/ray aman-dreny/olona mpiahy ireo ankizy*<br>*Fanomezana toro-làlana hoan'ireo ankizy/ray aman-dreny/olona mpiahy ireo ankizy* | |

| |
|---|
| *Fitondrana ireo ankizy any amin'ireo toerana hametrahana azy ireo vonjy maika sy fanohanana ara-tsaina azy ireo*<br>*Fanamboarana sy famenona ara-potoana ny antota-taratasy fanaraha-maso ny ankizy tsirairay*<br>*Fametrahana fomba fifandraisana amin'ireo mpiasan 'ny fahasalamana mandray an-tànana ny fitsaboana ireo ray aman-dreny na mpiahy ny ankizy ahafahana mahazo vaovao.* |

## Ireo fomba sy teknika afaka atao manoloana ireo zaza voatery misara-toerana amin'ny Ray aman-dreny noho ny aretina (zaza no marary)

| Anjara asan'ny Mpiantsehatra sosialy | Ny toetra amam-pihetsika fototra |
|---|---|
| - Manazava amin'ilay zaza sy ny fianakaviany fa aretina azo sitranina ny Covid19<br>- Manampy ilay zaza sy ny ray amandreny mba tsy hanamelo-tena manoloana ny aretina<br>- Manohana ny Ray amandreny amin'ny fanomanana sahady ny fiverenan'ilay zaza ao an-tokantrano (manampy azy hanana fanantenana amin'ny hahasitrana ny zanany ka tsy hiheverany avy hatrany fa ho faty ilay zaza ka mety hahatonga azy tsy hiraharaha intsony ilay zaza noho ny tsy fahafantarana)<br>- Manampy ireo ray amandreny hahazo ny zava-misy sy hahatsapa ny fihetsehampony manoloana ny zava-misy<br>- Manazava aminy ny anton'ireo fepetra raisina mba ho fikarakarana ny fahasalamany mandritry ny fotoana hisarahan-toerana amin'ny fianakaviany sy hanatanterahana ny fiokana-monina<br>- Manazava amin'ilay zaza sy ny fianakaviany ny fizotry ny fitsaboana (nahoana no tsy azo vangiana? Nahoana no atoka-monina? Firy andro no mitoka-monina? Manahoana ny fikarakarana azo mandritry ny fotoana itsaboana: sakafo, akanjo, fanafody, aiza ny toerana ametrahana ny marary sns…)<br>- Mandrisika ireo fianakaviana hanaja ireo toromarika tsy iparitahan'ny aretina<br>- Mampahatsiahy ny tokony hitandremana na dia efa vita aza ny fitsaboana ka hanohizana ny fanajana ny toromarika rehetra | - Manaja ireo toromarika ara-pahasalamana rehetra hiarovana ny tena sy ny hafa<br>- Mahatazona ny tsiambaratelon'ny asa<br>- Tsy mitsaratsara/ tsy manameloka (Ne pas juger)<br>- Mihaino sy miezaka mahazo ny fihetsehampo iainan'ilay zaza sy ny fianakaviany<br>- Mahafantatra ary miara-miasa amin'ireo mpisehatra amin'ny sehatra samihafa (mpiasan'ny fahasalamana, tompon'andraikitry ny Centres, mpitsara miandraikitra ny zaza tsy ampy taona…) mba ahazoana ireo tsara ho fantatra ka afahana manazava izany amin'ny zaza sy ny fianakaviany amin'ny fomba feno faharetana sy fanajana ny dingana holalovana<br>- Mamaly am-pitoniana ny fanontanian'ireo olona tohanana/ manaja<br>- Tsy taitaitra na baikon'ny fihetsehampo<br>- Tsy manao fampanantenana diso na tsy azo tanterahana |

| |
|---|
| ***Fomba entina manatanteraka**: Visite à domicile/ au Centre, entretiens, orientation, accompagnement dans les démarches de placement provisoire, constitution d'un dossier de suivi, établissement d'un lien avec le personnel médical en charge*<br>*Fitsirihana ireo ankizy voatery misara-toerana amin'ireo ray aman-dreniny na mpitaiza azy amin'ny alalan'ny fitsidihana any an-tokatrano na ivon-toerana mpandray ireo ankizy (Centre)*<br>*Fifampiresahana mivantana amin'ireo ankizy/ray aman-dreny/olona mpiahy ireo ankizy*<br>*Fanomezana toro-làlana hoan'ireo ankizy/ray aman-dreny/olona mpiahy ireo ankizy*<br>*Fitondrana ireo ankizy any amin'ireo toerana hametrahana azy ireo vonjy maika sy fanohanana ara-tsaina azy ireo*<br>*Fanamboarana sy famenona ara-potoana ny antota-taratasy fanaraha-maso ny ankizy tsirairay*<br>*Fametrahana fomba fifandraisana amin'ireo mpiasan 'ny fahasalamana mandray an-tànana ny fitsaboana ireo ray aman-dreny na mpiahy ny ankizy ahafahana mahazo vaovao.* |

## Ireo fomba sy teknika afaka atao manoloana ireo zaza raisina amin'ny toeram-pihibohana faobe

| **Anjara asan'ny Mpiantsehatra sosialy** | **Ny toetra amam-pihetsika fototra** |
|---|---|
| - Mamangy ireo fianakaviana raisina amin'ny toeram-pihibohana faobe ary mamantatra ireo tokantrano misy zaza latsaky ny 18 taona.<br>- Mijery ny toerana ary mampahafantatra raha misy endri-javatra mety hamparefo ny ankizy na manamora ny hisian'ny trangana-herisetra amin'ireny toerana ireny (*fiarovana ny olona sy ny fananany, ireo toerana afaka ipetrahan'ny fianakaviana ao amin'ny trano iombonana, ireo fitsipika napetraka, ireo fotodrafitrasa…**)*** securité, disposition des familles dans la salle commune (si salle commune), règles de vie commune, …)<br>- Mamboly fifandraisana isiam-pitokisana amin'ireo ankohonana misy ankizy latsaky ny 18 taona mba ahafahan'izy ireo milaza izay ilainy hofisorohana ny herisetra sy fiarovana ny zanany amin'ny herisetra (besoin de protection des enfants)<br>- Mihaino sy mandray ny hevitr'ireo ankohonana mba hampisy firindrana ny fiaraha-miaina ka hiarovana ireo ankizy amin'ny herisetra<br>- Mandray anjara amin'ny fampahafantarana ireo toromarika tokony arahana mba hisorohana ny aretina ary mandrisika ireo fianakaviana hanaja izany | - Manaja ireo toromarika ara-pahasalamana rehetra hiarovana ny tena sy ny hafa<br>- Mahatazona ny tsiambaratelon'ny asa<br>- Tsy mitsaratsara (Ne pas juger)<br>- Manetry tena. Mipetraka amin'ny haavo mitovy amin'ireo olona tsidihana<br>- Mahatsikaritra ireo fihetsika asehon'ireo olona vangiana, indrindra ny ankizy ary miezaka mahazo izany (mamifandray ny zavatra lazainy sy ny fihetsika asehony, …)<br>- Mihaino sy miezaka mahazo ny fihetsehampo iainan'ilay zaza sy ny fianakaviany<br>- Miara-miasa amin'ireo mpisehatra isan'ambaratonga (fokontany, kaomina, mpitsabo, mpiantsehatra isankarazany…)<br>- Mamaly am-pitoniana ny fanontanian'ireo olona tohanana/ Miezaka mitady valiny amin'ireo manahiran-tsaina ny ankizy (@ alalan'ny fanatonana ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny)<br>- Tsy manao fampanantenana diso na tsy azo tanterahana<br>- Raha tsy maintsy handray an-tsoratra ampahany amin'ny resaka ifanaovana dia manazava amin'ilay olona ny antony hanaovana izany |

<table>
<tr>
<td>- Mampahafantatra ireo karazana herisetra amin’ny ankizy sy ny fianakaviana ary ny hampahafantarana izany raha sanatria misy ny tranga na herisetra<br>- Manao tatitra mikasika ny zava-misy ary mandroso soso-kevitra entina misoroka/ mampihena ny trangana-herisetra misy amin’ireny toerana ireny ary hiarovana ny ankizy amin’izany herisetra izany<br>- Mandray andraikitra manoloana ny trangana-herisetra mihatra amin’ny ankizy<br>- Mikaroka hevitra mba hampiala voly ny ankizy (kilalao, fanatanjahantena, fampianarana …)<br>- Mampahafantatra ny adidy sy andraikitry ny ray amandreny sy ny ankizy.</td>
<td>- Tsy mitanila na miandany<br>- Manaja ny safidin’ny ankizy/ ankohonana sy ny fahavononany hiresaka na tsia<br>- Mahatsikaritra ary tsy manao marimaritra iraisana raha misy trangana herisetra atao amin’ny ankizy</td>
</tr>
<tr>
<td colspan="2">Fomba entina manatanteraka : Visite dans le lieu d’accueil, entretiens avec les parents, entretiens avec les enfants, focus group, observations, rapports réguliers de situation, réception et enregistrement des signalements, accompagnement des enfants victimes de violences, lien avec les services d’orientation, lien avec les acteurs multidisciplinaires intervenant dans ces lieux d’accueil<br><br>Fitsidihana ireo toerana nametrana azy ireo, firesahana amin’ireo ray amandreny,ireo ankizy,ireo tompon’andraikitra mikarakara azy ireo(resaka mitokana na vondron’olona). Fijerena ny zava-misy iainany indrindra ny olana mahazo ny ankizy,fanaovana tatitra ara-potoana amin’ny tompon’andraikitra mahefa, mandray sy mandefa ireo fitorohana any amin’ny tompon’andraikitra izany ,fanohanana ara-tsaina sy ara-tsosialy ireo ankizy iharan’ny herisetra (fihainoana, fanohanana ara-tsaina, fanoroana lalana na fiaraha-miasa akaiky amin’ireo servisy mifanandrify amin’izany), fametrahana sahan’ny ankizy</td>
</tr>
</table>

## Ny anjara asan’ny Mpiantsehatra sosialy eny anivon’ny sehatra fikaonan-doha sy hanapahankevitra (Comité operationnel)

| **Anjara asan’ny Mpiantsehatra Sosialy** | **Ny toetra amam-pihetsika fototra** |
|---|---|
| - Matetika voasarona anaty laharampahamehana samihafa ny fiarovana ny ankizy ka izany no maha-zavadehibe ny handraisan’ny IS anjara amin’ny fivoriana handraisana fanapahan-kevitra rehefa misy ny fahamehana toy ny mitranga amin’izao vanimpotoanan’ny Covid-19 izao<br>- Mety misy lamina efa napetraka ao anatin’ny sampandraharaha iasan’ny IS. Andraikitry ny IS ny fanaovana tatitra ara-potoana amin’ny tompon’andraikitra mba afahany mitondra ny zava-misy eny anivon’ny fivoriana handraisana | - Mahafantatra ny vaovao sy ny fandaharam-potoanam-pivoriana isan-karazany eo an-toerana<br>- Mahay mandamina ny asa sy ny fandaharam-potoana ary mahalala ny laharam-pahamehana amin’ny asa<br>- Mitondra ny feon’ny ankizy, miaro ny tombontsoan’ny ankizy/ Manome vahana ny fahafahan’ny ankizy mandray anjara amin’ny fiarovana azy amin’ny herisetra<br>- Mampahafantatra ny zava-misy iainan’ny ankizy mandritry ny fahamehana kanefa |

| | |
|---|---|
| fanapahan-kevitra (mety tsy ho afaka hanatrika mivantana ny IS)<br>- Mampahafantatra amin'ny ankapobeny (na antsipirihany) ny zavatra tsikaritra mandritra ny fanantanterahana ny asany, sy ny fanatanterahana ireo toromarika nampiharina teo amin'ny faritra misy azy sy ny akon'izany amin'ny fiainan'ny ankizy. Milaza ny fahombiazana sy ny tsy fahombiazana tsikaritra mba ho fanairana sy ho fanatsarana ny fepetra raisina eo anivon'izany comite izany mba ho fiarovana ny ankizy<br>- Manomana ary mandroso soso-kevitra ho entina mamaha ireo olana manome vahana ny herisetra atao amin'ny ankizy, miainga amin'ny zava-misy hitany sy tsapany mandritry ny fanatanterahany ny asa amin'ny maha IS azy eny amin'ny sehatra samihafa (Centre d'hebergement collectif provisoire, ny fomba fandraisana ireo marary sy ny fanajana ny zon'ny ankizy mandritry ny vanimpotoana mampisy ny Covid19, …) | mahay manaja tanteraka ny tsiambaratelon'ny asa (tsy mitonona anarana, tsy manome antsipirihan-kevitra manamora ny hamantarana ny ankizy na izay mety hanohintohina ny zony)<br>- Manana fahasahiana miteny sy milaza izay tsara na tokony hatsaraina eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny fomba feno fanajana<br>- Mitondra fanakihanana sady mandroso vahaolana<br>- Manaja ary maneho fahamendrehana rehefa miady hevitra sy mandresy lahatra<br>- Manaja sy manatanteraka ireo toromarika omen'ny Fitondram-panjakana amin'ny fisorohana ny fiparitahan'ny aretina |
| ***Fomba entina manatanteraka**: fanaovana tatitra an-tsoratra sy am-bava ara-potoana ampitaina amin'ny tompon'andraikitra, fandraisana anjara sy fitenenana amin'ny fivoriana handraisana fanapahankevitra* | |

## Ireo fomba, fihetsika sy toetra tokony tandremana



1. Tsy mitsara ilay ankizy / Ne pas juger
2. Tsy mamorona zavatra tsy hainao
   Ne pas supposer ce que vous ne savez pas
3. Aza miasa irery / Ne pas travailler seul
4. Maneho fihetsika mitory fanilikilihana ankizy mety voan'ny COVID 19 ka iharan'ny herisetra/fanararaotana na tafasaraka amin'ny fianakaviany
5. Tsy manome toky ary aza mihevitra fa ianao irery no mahavaha ny olana rehetra
   Ne pensez pas et n'agissez pas comme si vous étiez chargé de résoudre tous les problèmes
6. Tsy manaratsy olona / Ne parlez pas des gens de façon négative
7. Ny olona tohananao dia aza iresahana ny olanao manokana
   Ne parlez pas de vos problèmes personnels
8. Tsy manao fampanantenana poakaty / Ne pas faire de fausses promesses
9. Tsy manao ny asan'ny mpitsabo na manoro hevitra mahakasika fanafody
   Ne pas faire le travail du medecin


2
MADAGASIKARA
MIADY AMIN'NY
CORONAVIRUS
FOMBA FIAROVANA :
1. Sasao matetika @ rano madio sy savony ny tanana na mampiasà gel désinfectant
2. Tampeno @ sandry ny vava sy ny orona raha sendra mikohaka na mievina
1 metatra
3. Hajao ny elanelana 1 metatra amin'ny olona mikohaka na mafana hoditra
4. Ataovy fahazarana ny tsy misikotra orona, mikosoka maso, mikasika vava amin'ny tanana
5. Ataovy fahazarana ny tsy mandrora na mandrehoka amin'ny tany
RAHA MAFANA HODITRA, MIKOHAKA, SEMPOTRA DIA AMPANDRENESO NY MPITSABO NA NY TOBIM-PAHASALAMANA AKAIKY ANAO INDRINDRA
Raha mila fanazavana fanampiny, antsoy maimaimpoana ny 910
USAID
ACCESS
Mahefa Miaraka
UNFPA
unicef
Organisation mondiale de la Santé

## Ireo laharan-tariby (numéro de téléphone) azo antsoina ao amin’ny faritra misy anao

Sorato eto ny laharana telefonina ireo tompon’andraikitra sy mpiantsehatra azonao antsoina ao amin’ny faritra misy anao.

| **Anarana** | **Andraikitra/toeram-piasana** | **Laharan-tariby** |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| | | |
| Ligne verte 147 | Fandraisana ireo trangana herisetra mianjady amin’ny ankizy(fanambarana/signalement sy fanoroana lalana/referencement) | **147 (antso maimaimpoana)** |
| Comite opérationnel COVID-19 | Raha mila fanazavana na misy fanontaniana momba ny aretina coronavirus | **910 (antso maimaimpoana)** |
| | Raha misy soritraretina ahiana ho coronavirus (hafanana, kohoka, sempotra) | **913 (antso maimaimpoana)** |
| | Antsoina raha mahita na mahafantatra olona manana ireo soritr’aretin’ny COVID-19 ianareo (Brigade Spéciale COVID-19 izay misy ireo dokotera miaramila) | **914 (antso andoavam-bola)** |
| Pompier | Raha misy haintrano, na vonjy aina maika (latsaka anaty renirano, lava-drano, ianjeran’ny trano…) | **118 (antso maimaimpoana)** |
| Police | Raha misy olana amin’ny fandriampahalemana | **117 (antso maimaimpoana)** |